Fifidianana
# Hala-bato manara-penitra 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 22 desambra 2018 Laharana 853 Vidiny : 400 Ar


Asan' ny Apostoly 20: 16 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 95), Madagasikara 19 desambra 2018

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

### Fihodinana faha-2 2

# Tratra ny mpangala-bato



### Delestazy lavareny 7

# 3 andro sisa ny tahirin-tsoliky ny JIRAMA



### FILOHA LEFITRY NY SMM 2

## Manao antso amin' ny mpitsara tsy ho voavidy vola



### Voka-pifidianana 2

## Mangata-panazavana amin'ny Ceni ny K25

### Tovolahy tsy nanefa vola 6

## Nosarisaritin'ilay vehivavy mpivarotena nanerana ny tsena

### Afera bolabola 3

## Sinoa iray voatifitra ary naratra ka niditra hopitaly ao Sambava



### Daka kely

Tsy misy marina izay tsy hiseho ry Boaikely a !

### Tranombarotra Baolai 4

## Hisokatra ny alahady 23 sy 30 desambra 2018



FIHODINANA FAHA-2

## Tratra ny mpangala-bato

Efa tsikaritra tamin'ny fampielezankevitra hiatrehana ny fihodinana faha-2 fa misy ny zavatra ketrehan'ny ekipan-dRajoelina, tsy dia nanao fampielezan-kevitra ry zareo fa nampiasainy tamin'ny zavatra hafa kosa ny vola mbola teo ampelatanany. Nividy olona ny mpanohana ny kandida laharana faha 13, nampiasaina araka izay tratra ny vola satria izay no heverina fa hahazahoana ny fandresena. Mody tsy niteniteny kanefa tratra ihany ny mpangalatra. Niainga aloha ny fijoroana vavolombelana nataon'ny olona maromaro momba ny fisian'ny kara-pifidianana sandoka, ny karapanondro sandoka, ankoatra izay dia nijoro vavolombelona koa ny Administratera tsy nanaiky ny noraviravizana vola 5 Tapitrisa Ariary, manginy fotsiny ny fandikan-dalàna tao amin'ny Trano Printy Nasionaly izay tsy maintsy nandraisan'ny Fampanoavana fepetra. Eo koa ny fampihorohoroana miampy herisetra teto Antananarivo sy ny tany amin'ny faritra. Raha tsorina dia efa nomanina mialoha ny halatra izay natao, nisy aloha ny antsoina hoe "Action" mialohan'ny fifidianana, omena vola daholo izay azo jonoina rehetra, nisy indray ny "Action" natao nandritra ny androm-pifidianana, ka anisan'izany ny fizarana ny kara-pifidianana sy ny karapanondro sandoka, vita indray ny latsabato dia miditra ny "Action " fahatelo dia ny fanaovana ny fitanana an-tsoratra sandoka, ny fampitarazohana ny fandraisana ny voka-pifidianana avy any amin'ny biraom-pandatsaham-bato, ny famoahana mialoha ny vokatra izay handresen-dRajoelina ary tsy hamoahana ny vokatra tamin'ny toerana nandresen'ny kandida Marc Ravalomanana. Tratra daholo ny halatra amin'ny endriny isan-karazany, dia hoy isika manao hoe : mifaly amin'ny halatra ny sasany, kanefa ho avy ny Noely. Mba menatra e ! Sa ahoana hoy ianao ?

*Rina Rabemananjara*

Voka-pifidianana

## Nangata-panazavana amin'ny CENI ny K25

Manoloana ny famoahan' ny CENI vokatra izay somary mampametra-panontaniana ny olom-pirenena maro, ny famoahany azy dia tonga teny amin'ny foiben-toeran'ny CENI teny Alarobia ny mpomba ny kandida Marc Ravalomanana (K25), nangata-panazavana mikasika ny famoahan'izy ireo ny vokatra. Tao anatin'izany no nangatahan' ireto farany ny fampitahàna ny vokatra efa nivoaka tamin'ny onjampeom-pirenena sy ny fahitalavitra. Raha ny hita mantsy dia ny vokatra tany amin'ny faritra nandresen'ny kandida N°13 no nivoaka voalohany, izay midika fa misy efa fanomanana ny sain'ny vahoaka, fa hoe maharesy ity kandida ity. Rariny ny kandida 25 sy ny komity mpanohana azy raha avy dia mandray fepetra, fa ny hita dia mitongilana any amin'ny kandida 13 ny CENI nanomboka tamin'ny débat tao amin'ny RNM sy TVM, ka hatramin'izao. Efa nifanarahana ny alakamisy mialoha ilay ady hevitra fa samy afaka mitondra olona 27 avy ny andaniny sy ny ankilany hanatrika ny ady hevitra, nefa saika tsy nisy izany.

*Helisoa*

Mpomba ny kandida 25

## Mitaky fanazavana amin'ny CENI ny mahataraiky ny vokatry ny N°25

Marobe ireo mpomba ny kandida 25 manerana an'i Madagasikara no mitaraina amin'ny famoahan'ny CENI ny vokatra tsy ofisialy, ny fifidianana fihodinana faha 2 ny 19 desambra teo. Manahy ny rehetra amin'ny mety ho fanodinkodinana ny vato satria ny toerana nandresen'ny kandida N°13 Andry Rajoelina no alefan'izy ireo mialoha, izay any amin'ny toerana lavitra, fa ny akaiky tsy hay izay mety mahataraiky ny famoahana azy. Na izany na tsy izany anefa dia mila manana môraly ambony ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana manerana ny nosy satria ny olona reraka sy kivy tsy afaka hiaro ny safidiny, manoloana ny zavatra ratsy mety hiseho. Mbola vokatra tsy ampy antsasamanilan'ny biraom-pifidianana no tonga amin' izao. Ny vato nandresen'ny filoha Marc Ravalomanana mbola tsy misy tafiditra ao anatin'ny vokatra nivoaka hatramin'ny fotoana nanoratanay. Manoloana izany, ny tompon'andraikitra ao amin'ny CENI dia manana anjara andraikitra lehibe hanome fanazavàna amin'ny vahoaka Malagasy amin'io resaka famoahana vokatra io satria tena misavorovoro be ny sain'ny rehetra amin'izao zava-misy izao. Raha tena tsy momba ny atsy na ny aroa ianareo dia ataovy mangarahara io. Avoahy isaky ny birao fandatsaham-bato rehetra miisa 24000 mahery manerana an'i Madagasikara ny vokatra satria marobe no manontany hoe: nankaiza ny vatonay ?

*Helisoa*

Filoha lefitry ny SMM

## Manao antso amin'ny mpitsara tsy ho voavidy vola

Nanao valandresaka tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny birao fiasàny teny amin'ny Fitsaràna Tampony Anosy omaly ny filoha lefitry ny sendikan'ny mpitsara SMM Clément Jaona. Manana andraikitra lehibe ny mpitsara hoy izy ao anatin'ny SRMV izay hanangonana ny vokatra mialohan'ny hahatongavany any amin'ny CENI. Manoloana izany, nisy ny hafatra miantefa any amin'ireo mpitsara namany mba tsy ho tafiditra ao anatin'ny velapandriky ny mpanao politika, fa ho mpitsara hatokisan'ny vahoaka. Misy fitarainana tonga aty amin'ny sendikan'ny mpitsara hoy izy fa misy ekipan'ny SRMV manokatra pli tsy eo anatrehan'ny mpitsara. Tsy azo atao anefa izany satria ny mpitsara no filohan'ny SRMV ary tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fanokafana ny pli. Atao ampahibemaso ary ifanatrehan'ny mpikambana rehetra. Hain' ireo mpitsara ireo ny asany ka tsy tokony hisy ny hadisoana ho latsaka amin'izany, raha misy anefa izany hadisoana izany dia efa fanahiniana atao hoy ny filoha lefitry ny SMM Clément Jaona. Tsy tokony hiditra amin' ny zavatra tsy dia madio loatra ny mpitsara mba hiarovana ny hasin'ny fitsarana. Antoky ny fahamarinan'ny fifidianana sy ny latsa-bato ary ny voka-pifidianana hoy izy ny fitsarana. Koa raha misy mpitsara voatonon-



tonona amin'izany dia sahin'ny mpitsara avy hatrany ao amin'ny SMM ny mitondra ny raharaha any amin'ny CSM hanadiovana ny asan'ny fitsarana manomboka any amin'ny SRMV hatramin'ny HCC. Ny olana dia tsy mametraka fanamarinana anaty PV ny delege. Nambarany ihany koa fa isaky ny ambaratonga dia manana solontena ny kandida ary manana zo hametraka an-tsoratra izay fanamarinana tiany atao. Ohatra, raha misy nifidy tsy nitondra karapanondro dia tokony hapetraky ny delege anaty PV. Fa matetika tsy misy observation anaty PV fa tonga dia "rien à signaler". Ny fitarainana tonga izao dia momba ny tranga teo amin'ny SRMV iray. Tsy nahazo niditra tao anaty birao ny solontenan'ny kandida ary tsy mbola nisy mpitsara tamin'io. Noho izany tsy tokony azo vohaina ny pli. Izay izany dia tokony hatao anaty observation. Kanefa tsy nahazo nanoratra tao anaty PV hono ny solontenan'ny kandida. Dia tokony hataony amin'ny taratasy manokana ny fitarainana miaraka amin'ny porofo, ary alefa any amin'ny HCC.

*Helisoa*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fifidianana

## Hala-bato manara-penitra

Manjaka tanteraka ny hala-bato nandritra iny fifidianana fihodinana faharoa iny ary mihoatra ny fangalaram-bato natao nandritra ny fihodinana faharoa. Nibaribary tsy takona afenina loatra ny fomba nataon'ny mpomba ny laharana faha 13. Nisy mihitsy ny fanoloana ny PV hosoka, ny kara-pifidianana sandoka, manginy fotsiny ny kara-panondro sandoka. Nisy mihitsy ireo olona tratra nanao izany ary ananan'ny mpomba ny kandida faha 25 porofo, miampy ireo vavolombelona sahy nijoro fa nampiasaina, nokaramaina vola hanao izany fanodinkodinana ny safidin'ny vahoaka marina izany. Teo koa ireo depiote MAPAR nitondra « Gros Bras » nampihorohoro nitety Birao fandatsaham-bato maromaro, mandrahona sady mampihorohoro ireo mpifidy izay fantany fa tsy hifidy ny kandida Andry Rajoelina. Izy ireo ihany koa ( depiote sy ny Gros Bras) no mizara vola etsy sy eroa mba hampandany ny kandidany. Teto an-drenivohitra aza nahitana ireny tsy fanarahan-dalàna ireny, vao mainka fa ny any amin'ny faritra sy Distrika ary Kaominina lavitra rehetra any ! Ny zava-nisy tany amin'ny faritra dia avadika tsotra izao amin'ny alalan'ireo karazana "Doublons" sandoka ny voka-pifidianana. Mandeha mifidy tokoa ny olona ka ankoatra ny fividianana ny safidiny dia mbola petahana ihany koa any amin'ny PV, ka soloina tsotra izao. Ny Urne hafa efa feno voka-pifidianana mampandany ny laharana faha-13 no alefa any amin'ny SRMV sy ny CENI miaraka ny anjaran'ny HCC. Hala-bato manara-penitra tanteraka sady matipaika no ataon'izy ireo ary tena tambazotra matihanina no manao azy. Etsy andanin'izany ny vokatra avoakan'ny CENI koa dia manome vahana sahady ny kandida laharana 13 amin'ny famoahana voka-pifidianana avy any amin'ny faritra, ka ny laharana faha 13 hatrany no hasongadina mba hampandemena ny sain'ny vahoaka avy hatrany. Fomba sy tetika hampandaniana ny laharana faha 13 avokoa izany rehetra izany, ka ho mora foana ny hampiasaina ilay fomba maloto sy mamohehitra hangalaram-bato. Tetika efa nomanin'ny izy ireo avokoa ireo rehetra ireo ary raha manohitra izany ny kandida Laharana faha 25 dia ambarany avy hatrany fa mpanakorontana. Tompon'andraikitra voalohany amin'izay mety hitranga eo ny CENI raha toa ka tsy mijoro marina amin'ny maha Mahaleotena azy tokoa satria miteraka savorovoro eo amin'ny sain'ny vahoaka. Ny filoha Marc Ravalomanana rahateo efa nanambara fa tsy hanaiky ny tsy rariny mihitsy. Tsy mendrika izany intsony ny vahoaka Malagasy amin'izao vanim-potoana mazava be izao. Ny tsy maintsy atao dia ny fangatahana famoahana ireo porofo mivaingana mahakasika ireo hala-bato maro isan-karazany ireo. Mijoro vavolombelona ihany koa manambara tsy amin'ny tahotra ny tsy nety nandritra iny fifidianana iny ka hatramin'izao fiandrasana ny valimpifidianana izao. Angatahana amin'ny CENI ny fanamarinana tena izy tamin'ireo vato narotsak'ireo vahoaka ireo. Tsy tokony hipetra-potsiny ihany koa ny Zakank'i Dada, manomboka any amin'ny tompon'andraikitra, ka hatrany amin'ny vahoaka iray manontolo. Tsy miandry sy mipetra-potsiny na mitsetretra fa handray andraikitra mba hivoahan'ny voka-pîfidianana tena marina.

*Rajaonarimpanontsana*

Ny Valosoa sy hadihady

# Voka-pifidianana : tsy mbola misy afaka milaza fa ho eny lavoloha

Roa andro aty aorian'ny fifidianana dia betsaka ny fitarainana sy miahiahy momba ny vokatra avoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI). Tamin'ny andro nanaovana ny fifanatrehana dia efa nazava ny tenin'ny kandidà 25 fa manaiky izay vokatra havoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana (HCC) izy. Ny andaniny kosa, ny kandidà faha-13 Rajoelina Andry dia nihodinkodina fotsiny tsy nilaza ny heviny. Ny andro fandatsaham-bato, ny Alarobia 19 Desambra, dia maro ireo tranga mampieritreritra, tsy teto an-drenivohitra ihany fa hatrany amin'ny faritra dia ny fampihorohoroana ataon'ny olon'ny Mapar sy ny fandefasana tsaho, anisan'izany ny hoe fanafihana nokasain'ny Kmmr natao teny amin'ny Akamasoa. Ny tena marina anefa dia nisy ny hetsika ny operation saika hataon'ireo gros bras tao amin'I Mompera Pedro saika hataon'izy ireo, saingy araka ny vaovao azon'ny mpitandro filaminana dia fantatra mialoha izany, ary saika hisambotra ireo gros bras an'I Mompera Pedro saika hanao fanafihana ireo ny mpitandro filaminana, saingy navadiky ny tao amin'ny Akamasoa ho zavatra hafa izany. Tsy vitan'ny fampihorohoroana amin'ny tabataba manodidina ny biraom-pifidianana fa mitondra "gros bras" mirongo fitaovam-piadiana ary depiote mihitsy no mitarika azy ireny. Mbola loza lavitra ihany koa no niseho tany Morondava sy ny tany Ankazoabo Atsimo, izay nitifirana ny solontenan'ny kandidà 25 miisa roa be izao. Ny harivan'io koa dia mbola nanamafy ny kandidà 25, Ravalomanana Marc, fa manaiky izay vokatra hivoaka saingy tsy hanaiky kosa raha feno hosoka sy halabato ny fifidianana. Raha tsiahivina ny ampamoaka nataon'ny tale jeneralin'ny Tranompiritim-pirenena momba ireo karapanondrom-pirenena sy kara-pifidianana nasaina natonta tao, izay efa taratry ny halabato kasaina hatao. Hita ihany koa ireo karapifidianana aman'aliny naterin'olona izay efa nampiasa izany tamin'ny fihodinana voalohany saingy nenjehin'ny eritreriny, ka tsy nanaiky hanao izany intsony. Tratra koa ireo biletà tokana efa voamarika (bulletin pré-coché). Amin'izao fotoana izao dia ny vokatra avy lavitra daholo no avoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana, fa ny eto Analamanga, ny any Vakinankaratra sy Alaotra Mangoro ary Boeny sns,... izay be mpifidy dia tsy misy mivoaka mihitsy. Niaraha-nahita ihany koa ny fijoroana vavolombelona nataona lehibena distrika izay namaky bantsilana ny tery nataon'ny minisitra tamin'izy ireo hanery ny lehibena fokontany sy ben'ny tanàna hanao izay hampandaniana ny kandidà laharana 13, Rajoelina Andry. Raha ny vokatra azo sy eo am-pelatanan'ny foibe K25 tokoa mantsy dia mandresy lavitra, amin'ny salan'isa manodidina ny 60%, ny kandidà Ravalomanana Marc. Raha ny SRMV no mampitarazoka ny vokatra dia azon'ny CENI atao ny manery ireny handefa ny vokatra haingana satria eo ambany fiadidiany ity sampan-draharaha ity. Ny tena maha romotra ny olompirenena dia ny fiheboheboan'ny kandidà Rajoelina Andry fa tsy maintsy mandresy izy, ka na dia vao ny 40%-n'ny vokatra aza no navoakan'ny CENI dia efa miroso miandalana eny lavoloha sahady, hono izy, araka ny nosoratan'ny gazety mpomba azy. Na izany na tsy izany dia mampiahiahy ny olompirenena ny fomba fiasan'ny CENI izay miantehitra amin'ny fitanana an-tsoratra ("PV scanné") fa tsy ny fitanana an-tsoratra avy any amin'ny biraompifidianana mihitsy ary hanaovana fampitahana (confrontation). Koa marina ny fanambaran'ny kandidà Ravalomanana Marc fa "manasa tànana" izy raha mizotra any amin'ny tsy fahamarinana ny vokapifidianana hivoaka eo. Aza atosika hitroatra indray ny Malagasy amin'izao fifidianana izao, ka hiteraka korontana eto amin'ity Firenena ity. Tsara ho marihana fa miezaka mamerivery ny sain'ny vahoaka ny CENI amin'izao fotoana izao, koa tsy tokony hiraviravy tànana na ho kivy ambony ihany ny mpifidy fa hiaro ny safidiny kosa raha toa ka tsy mifanaraka amin'ny tena vokatra marina no havoakan'ny CENI. Araka izany dia tsy mbola misy afaka manambara fa mpandresy amin'izao fotoana izao. Tsy azo hampisehoana hakingan-tànana anefa ny raharaham-pifidianana fa ny marina dia marina ihany, ary ny marina tsy mba maty, ka sao avy amin'ny ataon'ny CENI no hiteraka korontana tsy hifankahitana eto amin'ity Firenena iombonana ity indray.

***Andry Tsiavalona***

Raharaham-pirenena

## Tsy hanaiky ny fanapotehin-dRajoelina an'i Gasikara ny maro

Miomàna ry vahoaka fa hanjaka tanteraka eto Madagasikara ny gaboraraka, ny fampihorohoroana, ny fanondranana ny harem-pirenena, na an-tanety io, na an-dranomasina raha sanatria ka mahomby ny tetidratsy fangalaram-bato tanterahan'ny ekipan'ny mpanongam-panjakana laharana 13, Andry Rajoelina. Ho voateritery ny mpiasam-panjakana raha toa ka tsy manaraka ny baikon'ny mpitondra, ho rahonana ny mpiasa tsy miankina sy ny mpandraharaha raha toa ka manembatsembana ny tombontsoany. Hampiasa ny hery famoretana mantsy i Andry Rajoelina amin'ny alalan'ny famerenana ny FIS na Force d'Intervention Spéciale sy ny Milice, izay efa narangarangany nandritra ny fihaonana natrehan'ireo kandida roa tao amin'ny fahitalavitra TVM farany teo. Efa fantatra ny nataon'izy ireo fa rafitra tsy refesi-mandidy nandritra ny Tetezamita izany FIS izany. Ny miaramila sy ny mpitandro filaminana aloha hatreto tsy afa-nirotsaka mivantana amin' ny resaka politika tahaka ny tamin'ny andron'ny Capsat, ka ny herim-pamoretana FIS indray no hasolony azy. Hanjaka, hoy isika, ny gaboraraka raha ny mpangalatra no sanatria hitondra ity firenena malalantsika ity. Efa voaporofon'ny mpandinika sy ny fitsarana Frantsay ny vola tsy fanta-pihaviana nangonina teto, ka tsy atao mahagaga raha hotohizany izany. Nivandravandra ny hala-bato teo ary tsy takona afenina ny fividianan'olona sy ny fividianam-bato. Izay no anambarantsika fa hopotehin-dRajoelina indray i Gasikara raha sanatriavina ka tafita ny teti-dratsiny. Mila mailo isika ry vahoaka Malagasy ary tsy hanaiky ny halatra amin'ny endriny samihafa, hijoro hatramin'ny farany hampanjaka ny marina amin'io voka-pifidianana io.

***Rajaonarimpanontsana***

Afera bolabola

## Sinoa iray voatifitra ary naratra ka niditra hopitaly ao Sambava

Manoloana ny tranga fanafiahana ilay sambo Flying nitondra andramena nataon'ny fanjakana Malagasy tao amin' ny ranomasimbe Indiana, efa nampanenoan'ny maro lakolosy mahakasika ny afera bolabola ary ny olona ao ambadiny. Fantatra izao fa Sinoa iray no tonga nanantona ny hopitaly iray ao Sambava hitsabo tena satria voatifitra noho ny ratra nahazo azy, efa miambina sy manaramaso azy ny mpitandro filaminana ao Sambava, andrasana ny fanadihadihana. Raha ny vaovao fantatra dia tsy vao izao no nanao ny fitrandrahana bolabola ireto sinoa ireto fa hatramin'ny fitondrana tetezamita ary nahazoany alalana tamin'ny fanjakana teo aloha dia ny fitondrana tetezamita izany, zatra ny lalan-drririnina ve ireto vahiny, ka izao sendra drakaka fa tsy foza izao. Tsy mahagaga ny fampanantenana marobe atao fa hamarotana ny tanindrazana aorian'ny fandraisany ny fahefana amboletra, ka ny ambany tanàna voafitaky ny tendakeliny, ireo rehetra any amin'ny faritra ho lasan'ny vahiny avokoa hanaovany foto-drafitrasa sy hanandevozany ny zanaka Malagasy kely tsy manana atokona, ka ampitomboana ny ambaindain'ny fihariana any Dubai, izay nakana vola tsy toko tsy forohana ho antoka. Eto isika, miandry ny marina fa tsy ho maty akory ny fahamarinana izay filamatra napetraky ny filoha Ravalomanana Marc " minoa ary matokia an'Andriamanitra".

***Serge***

NY TENY FIAINANA




***Apokalypsy 22:1***

*Ary izy naneho ahy onin'ny ranon'aina, manganohano tahaka ny vato krystaly, nivoaka avy teo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry.*

Fiainam-pirenena

## Tsy fototra ratsy velively no hanarenana ny firenena

Tsy azo ekena intsony ny mbola hitondrana ny firenena ao anaty "fotaka mandrevon'ny haratsiana" toy izay efa natao hatramin'ny taona 2009. Mbola nitohy sy niharihary tsara izay fototra ratsy izay tamin'ny namolavolana sy nandaniana ny lalampanorenana tamin'ny taona 2010, dia izao iaraha-mahita izao tato anatin'ny taona vitsivitsy farany ny vokany. Ny vahoaka tsy manan-tsiny sy firenena efa lazoin'ny fahantrana no mibaby ny vokany. Amin'izao fotoana izao mbola tadiavin'ireo olom-bitsy hoentina amin'izany lalan-dratsy tsy mahasoa izany ihany ny vahoaka sy ny firenena. Mampihivingivin-doha mafy ny maro, ny olom-pirenena, ny mpandinika, ny fiarahamonim-pirenena, ny mpanao politika maro, ny fikambanana sy sokajin'olona maro samihafa, ny zava-nisy nandritra ny fifidianana tamin'ny 19 Desambra lasa teo iny. Hatramin'ny raiamandreny am-panahy no vakivava fa tena tonga amin'ny faratampony amin'ny kolikoly sy ny fahalovana ny firenena ankehitriny. Tsy misy izay tsy miaiky fa tena ampidirina ao anaty faharatsiana tanteraka ny fiainam-pirenena. Izany ve no heverina hanarenana ity firenena ity? Tsy azo ekena izany, fa tsy maintsy tsinjovina ny firenena, ny vahoaka ary indrindra indrindra ny taranaka fara aman-dimby. Tsy eken'ny saina ny hamela lova ratsy ho an'ny taranaka any aoriana ka hametraka ao an-tsainy fa na ratsy sy mamohehitra aza no hanatanterahana fifidianana eto amin'ity firenena ity dia mety. Raha fomba ratsy no hiaingana hitondrana firenena dia fanapotehana firenena izany fa tsy fanasoavana azy velively. Tsy hisy hiray petsapetsa amin'ny ratsy izany eto. Ny fambolena "faka ratsy " tsy hahazoana voa tsara velively ary voaporofo izany amin'izao fotoana izao. Efa olona very fanahy matoa manaiky ny kolikoly sy fahalovana ezahina volena handrobona eto amin'ny firenena. Moa hinia hikimpy manoloana izao zavatra tsy mandeha amin'izay laoniny sy tsy manjary marobe izao ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC)? Ho very ity firenena ity sy ny vahoaka ao aminy raha sanatria ho toy izany. Tsy eken'ny saina marindrano anefa ny anjakan'ny ratsy eto amin'ity firenena malalantsika ity. Tsy eken'ny saina ary tsy hety velively raha fototra ratsy no hanarenana ny firenena.

***Sôh'son***

TONONKALO

## Izany izahay raha depiote

Izany izahay re raha depiote.
Mandeha efatrefatra raitra be,
Dia manangona bokona igagàna,
Ka mihorohoro ny iray tanàna.

Izany izahay re raha depiote.
Manapoaka kalaky fa TGV,
Dia mandositra ireo izay miseho mibahana,
F'izany ny anay ilay hoe "fahafahana".

Izany izahay re raha depiote.
Avia mba hitazana anay anie !
Talentanay ny mampihorohoro,
Ary izay sendra anay dia tsy maintsy toro.

Izany izahay re raha depiote.
`Zahay izao no tompon`ny lakile.
`Zahay dia mpanjakan`ny kolikoly,
Ny akamanay tsy hafa fa ny devoly.

Izany izahay re raha depiote.
`Zahay aloha no eto ka maneke.
Ny miaro ny foza no tanjonay,
Fa tsy misy ny resaka ankoatr`izay.

***DADAN`i ZINA (21-12-18)***

**BORIBORITANY FAHA- 5 (CUA)**

# Nizara fanomezana ho an'ny mpiasa noho ny fety

Nohon'ny fahatongavan'ny Asaramanitra dia ny fetin'ny Noely sy ny faran'ny taona iandrasana ny taona vaovao 2019, nomena vary 5 kilao sy biscuit 2 fonosana ireo mpiasa avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly. Marihina fa fanomezana avy amin'ny ezaky ny Boriboritany manokana no nahafahana nanolotra izao fanomezana izao. Tsy adinon'ny delegen'ny Boriboritany, Rakoto Emmanuel Richard ihany koa ny nitondra teny firariantsoa ho an' ireo mpiasa nandritra izany, mba samy hanao krismasy sy taom-baovao sambatra avokoa ny rehetra.

***Aly***



*Ny fizarana fanomezana tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

**Tranombarotra Baolai**

# Hisokatra ny alahady 23 sy 30 desambra 2018

Amin'izao ankatoky ny fetin'ny Noely sy ny « Réveillon 2018 » ho avy izao, dia maro ny magazay lehibe eto amintsika no vao nahatonga entana maro. Isan'izany ny Tranombarotra « Baolai », izay ahitana kojakoja elektronika, na « électro-menager », loha-laharana amin'ny kalitao hatrany, toy ny : Panneaux solaires mono sy poly-christalline, Subwoofer, Smart tv sy télé led : misy antoka 1 taona izay ahitana 19 hatramin'ny 75 pouces, Réfrigerateur, Machine à laver, Synthétiseur, Four micro-onde, Lecteur divx/dvd, Caméra de surveillance à distance, sns ... «Maro azo isafidianana



tsara ny entana hita ato aminay izay azo atao « cadeaux », ary mety amin'ny fahefa-mividy sy ny filan'ny tsirairay. Mbola mitohy hatrany ny « Promotion » amin'ireo fahitalavitra fisaka sasany ato aminay hatramin'ny 31 desambra 2018 ho avy izao. Izany rehetra izany dia ho hita eo ampitan'ny Epp Analakely, Avenue de l'Indépendance, ao Soarano (eo ampitan'ny Firaisana I, ao amin'ny Seg sy eo ampitan'ny Epp), ary Bazar - be Toamasina », hoy ny tompon'andraikitra. Ankoatran'izay, hisokatra manokana ho an' ny daholobe ny Tranombarotra « Baolai » ny alahady 23 sy 30 desambra 2018 ho avy izao. Dia hiavaka ao anatin'ny maro ny fetin'ny faran'ny taona miaraka amin'ny entana tsara kalitao hita ao amin'ity Tranombarotra lehibe fanta-daza ity.

***Aly***




# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

**Njaka, Helisoa**

**Ny Krismasim-pandresen'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.**









## Asan'ny Apostoly 20: 16

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 95), Madagasikara 19 desambra 2018

***Asan'ny Apostoly 20: 16 "Fa Paoly efa nikasa handeha an-tsambo handalo any Efesosy mba tsy hitoerany ela any Asia; fa maika izy, raha azony hatao, hamonjy ny andro Pentekosta any Jerosalema."***

Ny fotoanan'ny Pentekosta dia fotoana iray hanehoana aminareo olombelona ny fandatsahana ny AFO. Io AFO io no manaporofo ASA maro isan-karazany mba ho fantatrareo. Teto indray rehefa nilatsaka ny Fanahy Masina ka samy feno izany ny mpianatra dia nisy fiteny maro samihafa no re teo. Ny fiteny teto dia fiteni-pirenena arak'izay nampitenenin'ny Fanahy Masina azy ireo. Izany hoe: ny AFO nilatsaka no nahatonga izany ary tsy miova izany mandraka ankehitriny. Fifohazana no dikan'ny Pentekosta satria AFO no milatsaka sady mahavita asa mahagaga. Ny nampianatra sy nampahafantatra izany indrindra no toriteny nataon'i Petera mba hazava amin'ny olona. Tamin'io fotoana io mantsy no AFO nilatsaka hita maso farany fa tao aorian'io dia tsy hita maso intsony ny AFO fa ao anaty indray. Ny Fanahy irery no mahita ny Fanahy ary izany dia hita eo amin'ny fiainan'ny olona anankiray, eo amin'ny asa ataony sy ny fombany. Inona no nahatonga ny Apostoly nahavita Asa betsaka (ASA LEHIBE= FIFOHAZANA) ny AFO tao amin'izy ireo, mahavita famantarana sy fahagagana. **Ny anton'ny AFO omena anareo dia ny mba hahavitanareo ny ASAKO ary tsy misy azon'i Iosifera idirana fa tsy fiambohamboana na fisehosehoana na fitadiavan-daza sy voninahitra. Ny tanjoko JEHOVAH dia ny tsirairay mifono AFO.** Tandremo fa raha misy olona efa vita Batisa na Batisa inona na Batisa inona ka miverina manota izany olona izany dia miala ny AFO satria zava-masina io. **Ny AFO hitan'i Iosifera eo aminao ihany no mampandositra azy sy ny miaramilany, ny tena marina raha mifanehitra aminy dia tonga izy ireo dia anay avy hatrany. Aza hadino fa ny tany izay noforoniko koa dia mifono AFO fa rehefa manota ny mponina ao aminy dia maty ny AFOn'ny Firenena. Misy fanavotana anefa azo atao tsara mba tsy hanjakazaka ao amin'ny firenenao i Iosifera izay mitondra afo sandoka ka mampahory ny firenena sy ny mponina ao aminy. Matoa ny firenena anakiray feno fahotana, tsy mahita mangirana amin'ny fiainana, miady an-trano, feno fahoriana isan-karazany ny mponina ao aminy, izany dia midika koa izany fa maty ny AFOn'ny Firenena.** IZAHO JEHOVAH mitady olona misy AFO mba handevona ny afo sandok'i Iosifera mandringana ny tany sy ny mponina eo aminy. Anisan'ny mahatonga an'i Iosifera manjakazaka dia ny fahitany fa tsy misy afo ny olona, maty ny afon'ny firenena. Raha mazava aminao izany dia miverena miainga ao amin'ireo dingana dimin'ny Batisa. Fantatrao tsara ve? Inona no nahatonga ny zanak'Israely tafavoaka? Naharesy? Tonga tao amin'ny tany tondra-dronono sy tantely? Satria misy AFO manaraka amin'izy ireo mandrakariva, ***Eksodosy 13: 21-22*** *"Ary Izaho Jehovah nandeha teo alohany tamin'ny andri-rahona raha antoandro hitari-dalana azy, ary tamin'ny andri-afo nony alina ho fahazavana ho azy, handehanany andro aman'alina.Ny andri-rahona tsy niala teo alohan'ny olona raha antoandro, na ny andri-afo nony alina."* Hitanao amin'izany fa fanatrehako ny AFO ka ataovy izay ananano AFO avy AMIKO. Ny antony anankiray koa dia izao: raha ilay AFO ao anaty dia tsy hain'i Iosifera fantarina na oviana na oviana satria izy tsy mahalala izay ao anatinareo olombelona fa ny eo ivelany ihany no hitany sy fantariny. Mahita hirika i Iosifera rehefa fantany fa tsy manana AFO ny firenena, inona no ataony? Maniraka miaramila izy mitondra fahoriana, faharatsiana, fahotana, loza isan-karazany, fampangorohoroana amin'ny endriny maro, aretina, alahelo sns... Misy fomba fiasako JEHOVAH toy izao tsara mba fantatrao ihany, vahaolana ho an'ny Firenena: ireny olona mpanara-dia an'i JESOSY manana AFO na vita Batisan'ny Afo ireny dia ampiasaiko toy izao : ny Firenena anankiray dia voahodidina AFO (fefy AFO), fa rehefa manota ny olona dia rava na rodana ny fefy AFO, faly i Iosifera ka dia mirohotra eo amin'izany firenena izany ary manatanteraka ny asa ratsiny rehetra, izay rehetra tsy manana ny AFOn'ny Lanitra rehetra no hazany. **Toy izao ny firahako miasa amin'ireo rehetra vita Batisan'ny AFO : amin'ny andro alina dia alaiko ny Fanahiny hanao fefy amin'izay banga sy mirodana ao amin'ny fireneny, ady izany ary tena ady mafy tokoa.** I Iosifera koa dia mifantina miaramila avy aminy izay heveriny fa tena matanjaka sy sahy. Inona no entiny amin'izany hoy hianareo? Tahaka ny tao Egypta e! Afo koa no mba entiny fa e! e! e! resy ihany izy ireo na dia maharitra aza ny ady. **Eo amin'ny adin'ny telo (3 ora) no faharetan'ny ady, manomboka amin'ny 11 ora alina eo ka hatramin'ny 2 ora maraina; IZAHO JEHOVAH tsy mandefa olona tsy manana AFO any, miaraka amin'ny anjely io ady io.** Ny Fanahiko ao anatinao ihany no mahatsapa izany ady izany. Ny vatanao eo am-pandrianao ihany fa ny fanahinao no nataoko fitaovana. Rehefa vita ny ady ka mifoha ianao maraina dia mahatsapa faharerahana be noho ilay ady naharitra adin'ny telo. Izany ange no dikan'ilay teny hoe: mijoro amin'ny banga e! noho izany, meteza ianao hataoko fitaovana hijoro amin'ny banga fa maloto ny firenana sy ny tany. Mbola tena vitsy dia vitsy ireo mpiantafika, mbola mitady miaramila betsaka JESOSY hiady ho an'ny firenena sy ho saro-piaro amin'ny tany izay nohariako. Misy firahamiasantsika sao ianao manao hoe: fa aiza daholo ny anjely? ***Salamo 34: 7*** *"Ny Anjelin'i Jehovah mitoby manodidina izay matahotra Azy ka mamonjy azy."* ***Joba 7: 1*** *"Tsy mahafantatra izay ratsy va ny vavako? Tsy mpiantafika va ny zanak'olombelona ety ambonin'ny tany? Ary tsy tahaka ny andron'ny mpikarama va ny androny?"*

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## KRISMASIM-PANDRESENA

# Rindran-kira ara-pilazantsara ho an'ny mpiasan'ny CUA

Rindran-kira ara-pilazantsara nafanain'ireo tarika anisan'ny malaza amin' izao fotoana, io no nanamarihan'ny mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny krismasim-pandresena ny alakamisy teo, tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely. Nikarakara izao hetsika izao ny kaominina Antananarivo Renivohitra, notarihan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, niatrika ny fotoana nisolotena azy: ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna, Olivier Randrianarisoa, sy ny sekretera jeneralin'ny CUA, Heriniaina Razafimahefa. Nambaran'ny lefitra voalohan'ny ben' ny tanàna tamin'izany, fa efa misantatra ny fankalazana ny fetin'ny Noely sahady ny Kaominina, sady fialamboly izao hetsika izao hoy izy no melombelona ny ara-panahy koa. Efa mpiaramiasa amin'ny CUA hatrany ireo tarika ara-pilazantsara nandray anjara tamin'ny hetsika dia ny Tarika Ny Avo, Gabhy Singer of Jesus, MTC Gospel, Sisters ary ny Tarika Ariane, araka ny fanazavan'ny mpanolotsaina ny tanànan'Antananarivo, Lalaina Rabezanahary, anisan'ny nikarakara izao hetsika izao.




*Ny rindra-kira ara-pilazantsara tetsy amin'ny CUA Analakely.*

***Aly***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Mandresy Dada araka ny fitsinjaran'ny mpifidy manerana ny Nosy




**Arp Helisoa :** toy izao ny isan'ireo mpifidy manerana ny faritra 22 eto Madagasikara . Raha izao fitsinjarana izao, mandresy i Dada, satria amin'ny faritra be mpifidy dia saika lasan'ny kandidà Marc Ravalomanana avokoa.

**Gervais Desire Ramananjatovo :** fa to tssy vao2 mihintsy eh oh mianahana dhl zany eh fa misy inona?

**Malagasy Tia Fihavanana :** merci, mandresy tokoa Dada, aza mijery vokatry ny CENI intsony fa mandresy Dada e !

**Dyarri Naidoo :** ny zavatra tsapako aloha hatreto d ny 1/4 ny tonga nifidy tamin'ny faritra , Androy, Anôsy, Atsimo Atsinana, Ihorombe, Vatovavy Fitovinany, Haute Matsiatra, Diana, Sava, Analanjirofo dia nifidy an'i Dada avokoa.

**Heritoky Randrianarimanana :** ny taux de participation ve samy kely sa ny teto @ville iany no kely? ra vo bdb n tany@sisiny d halabato zay satri ngonflen'Izala n tao @ liste. any Bekily ve de hahazo 100% izy possible ve zani? Tsy possible izany.

**Bien Aimé Randrianasolo :** efa tena lany henatra @ halabato Rajoelina . Tsy voninahitra izany, fa fahafahambaraka manerana izao tontolo izao.


**Naivo Andriamananjara :** 1/3 électeur eto afovoan-tany, ireo miampy kely dia efa mandresy Dada, ary izay mihitsy no zava-misy, mndresy Dada. Marc Ravalomanana.

**Raobelina Fenomanjato Ranaivorazo :** nefa taux de participation @ ireo bassins electoraux be olona ireo no ambony sady nahazoan-dRavalo 75% daholo !donc lany DADA an !

RIVODOZA CILIDA

## Ho avy ny orana amin'izao faran'ny herinandro izao

Mihaodihaody amin'ny fari-dranomasin'i Madagasikara ilay rivo-doza Cilida, noho izay antony izay, ho avy ny orana saika manerana ny Nosy amin'izao faran'ny herinandro izao. Nitombo hery, ho Forte Tempête Tropicale i "Cilida". Omaly tamin'ny 09 ora teo dia any amin'ny 1060 Km Avaratra atsinanan'Antalaha no misy ny ivony. Niakatra ho 110 Km/ora ny rivotra miaraka aminy, izay arahina tafiotra manodidina ny 155Km/ora. Mikisaka



*Sary azo avy amin'ny zanabolana mahakasika ilay rivodoza Cilida.*

mianatsimo Andrefana izy, ka mahafaka 07 Km/ora. Tsy miova ny vinavina, tsy hikasika ny morontsirak'i Madagasikara i Cilida. Noho izany dia tsy misy ny filazana loza mikasika azy ity. Ny vinavinan 'ny toetry ny andro kosa mandritra ny faran 'ny herinandro: ho lalovan-drahona ny maraina ary hanorana tandrifindrahona mety arahin- kotroka ny folakandro, na ny alina. Aza adino izany ny mivimbina elo rehefa mivoaka ny trano.

***Aly***

Ambatondrazaka

## Miomana amin'ny fety ny mponina

Raha samy nanatanteraka ny fety avy ny sekoly rehetra nialohan'ny nizarana ny biletà dia hita ho samy somebiseby nizara kilalao ihany koa ny ankkamaroan'ny orin'asa teto Ambatondrazaka. Samy efa miomana mafy amin'ny fankalazana ny fetin'ny noely ihany koa ny ankamaroan'ny fianakaviana amin'izao fotoana ziao.

Raha ny hita aloha dia nisy fisondrotany ny akoho amam-borona ao an-tsenan' Ambatondrazaka ao.Mahatratra hatrany amin'ny 60 000 ariary ny lahin-gisa lehibe iray ary miodidina ny 40 000 ariary eo avokoa ireo salantsalany amin'ny gisa vaventy n any vavin-gisa.Manodidina ny 30 000 ariary kosa ny lahin-dokotra sy ny gana lehibe raha toa ka 20 000 ariary ka hatramin'ny 25 000 ariary ny akoho lehibe.Mitobaka ihany koa ny akoho vazaha lany atody irony izay manodidina ny 15 000 ariary ny iray. Betsaka ny mpanangona akoho amam-borona no tonga aty antoerana amin'izao fotoana izao ary misy mihitsy no midina eny ifotony mividy izany izay mahatonga ny fiakaran'ny vidiny ao amin'ny tsenan'Ambatondrazaka. Fantatra ihany koa nandritra ny fanadihadiana natao fa ho maro ny olona no hamono kisoa amin'io fety io izay mety hampidina ny kilaony taaka ny efa fahita isan-taona.

***Raoul***

Aumônerie Protestanta Betesda

## Tsangambaton'ny faha-folo taona : Nahazo Chapelle vaovao

Ho rakotra FJKM i Madagasikara amin'ny taona 2019, raha toa ka efa kaominina miisa 407 no efa namatrehana ny FJKM ny rantsa-mangaikany hatreto, io no tanjona napetraky ny fiangonan'i Jesoa kristy eto Madagasikara. "Nefa lehibe ny asa fa tsy lapa ho an'ny olona fa tranon'Andriamanitra sy vavahadin'ny lanitra" nalaina tao amin'ny Tantara Voalohany 29 : 1b, io no teny faneva nentina nanamarihana ny faha-folo taonan'ny Aumônerie Protestanta Betesda Antsirabe ao anatin'ny Fiangonan'i Jesoa kristy eto Madagasikara, synodam-paritany Andrefana atsimon'Ankaratra. Ny Alahady 16 Desambra teo no natao ny fanokanana ity fiangonana vaovao ity, tao amin'ny « la Chapelle » vaovao Aumônerie Protestanta Betesda Antsirabe, ao amin'ny Hopitaly Atsimo. Niara-dalana tamin'izao ihany koa ny fitokanana ny trano Fiangonana Aumônerie protestanta Betesda Antsirabe vaovao izao ny fankalazana ny faha-folo taona. Natokana ho an'ny sampana mpitsabo ao amin'ny hopitaly atsimo Antsirabe ity Chapelle ity. Natomboka tamin'ny fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ny fotoana izay notarihan'ny mpitandrina, prezidà synodaly, Ratiarisoa Benjamina. Ny Aumônerie protestanta Betesda Antsirabe ity dia mifototra amin'ny fandalinan'ny Fiangonana sy ny fandaminam-panjakana satria mivoatra amin'ny sehatra rehetra. Ny antom-pisian'ity Aumônerie Protestanta Betesda Antsirabe ity dia fitaizana sy fikarakarana ny ara-batan'ny olona sy ny arak' asa indrindra fa ireo marary na mpiandry marary na koa ireo mpiasan'ny fahasalamana. Manampy amin'ny fitaizana ny kristianina ny fanapariahana ny fiangonana tahaka itony satria miaro ny taranaka mifandimby, amin'ny fahatsiarovantenan'ny tsirairay, eo koa ny fikoloana ny lapan'ny maha-olona indrindra ny fanahy sy ny saina. Tonga nanome voninahitra izao lanonan-dehibe izao ny solontenam-panjakana dia ny Prefet an' Antsirabe, Andriantomponera Voahangy Harimino sy ny avy ao amin'ny Faritra, ny talen'ny fandraharahana ankapobeny miadidy ny lafintany, Ramahandriharivo Fanja, ny talemparitry ny fahasalamambahoaka, ny solontena avy any amin'ny Ministeran'ny fahasalam-bahoaka izay angady nanana sy vy nahitana izao chapelle izao. Nanatrika teto ihany koa ireo mpitandrina avy any amin'ny, synodam-paritany hafa. Tompon'ny fotodrafitrasa ny ao anivon'ny CHRR ka nisy ihany koa ny solontena tonga nanotrona ny fotoana. Nandritra ny fandraisam-pitenenan'ny rehetra dia tsapa fa ny hopitaly sy ny fonja dia handehanan'ny olona tsy fidiny eo amin'ny fiainana. Hita ihany koa fa betsaka lavitra ny miditra amin'ny hopitaly noho ny miditra amin'ny fiangonana, ka natsangana indrindra ity fiangonana Protestanta Betesda Antsirabe ity mba hanovozam-panahy. Tsara ny manamarika fa teto ihany koa no nanolorana mari-pankasitrahana ireo mpitandrina rehetra nifandimby niasa tao amin'ny Aumônerie Protestanta. Mitetim-bidy 65 tapitrisa Ar ny nahavitana ity Fiangonana ity, ka ny 42 tapitrisa Ar avy amin'ny kristianina rehetra ary ny 23 tapitrisa avy amin'ny malala-tanana maro be.

***Solohery***

### Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Za zao vao avy nandinika an le tendance régionale. Tsy iresaka afatsy région telo aho:

1- Vakinankaratra: Efa ho 1 hetsy ny elanelan'ny voix Ary isika no mitarika nefa vao 1 tiers ny résultats io azo io. Zany hoe ho doublé io elanelany io farafakelny rehefa feno n résultats.

2- Analamanga: 1 hetsy ny elanelan'ny voix nefa vao ny antsasany mahery no résultats azo. Zany hoe ho doublé io elanelany io farafahakeliny rehefa feno n résultats.

3- Itasy: Mitarika ambony b tsika Ary ambony be ny taux de participation.

FEHINY: Ireo écart rehetra reo: 2 hetsy + 2 hetsy + Itasy + Betsiboka+ Menabe+ Alaotra Mangoro dia AMPY TOKOA hi-couvrena ilay écart kely azon 13 am région hafa.

Inona re tompko no mampakivy anareo? Tsy resy zan tsik. Mbol vitsy kely ny afovoantany navoaka. Tendance vao teo io nojereko io. Hamarino ao @ page n ceni ne e. Tsy resaka hafa2 leizy fa resak logic b mits hoe Mandresy i 25. Aleo ne ho tonga 70% io résultats an ceni io de oitanw eo. Mazoto daoly ry k25 namako.

***Fabrice Rakotonomenjanahary***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

Tovolahy tsy nanefa volana mpivarotena

## Nosarisaritin'ilay vehivavy nanerana ny tsena

Efa tsy misy henatra intsony fa dia andro antoandrobe-Nanahary mihitsy no nisarisaritan'ilay tovovavy mpampanofa tena ny tovolahy iray izay mihaingo dia mihaingo tokoa nanerana ny tsenan' Ambatondrazaka izay nambarany fa tsy nanefa ny volany.Efa nifanaraka izahay nialohan'ny niarahanay hoy ilay vehivavy izay tsy nisalasala mihitsy nitabataba teny imasom-bahoaka fa 10 000 ariary no alohany reefa vita ny ataonay saingy nivadika saika hiala moramora izy avy eo.Nanaiky ny fifanarahana izy matoa nisy ny firaisanay hoy ihany ity ramatoakely ity ka tsy hanaiky aho raha tsy alohany ny volako.Nitangorona ny olona ary dia tao ny vaky hehy tao kosa no niala moramora noho ny teny mamoafady niparitaka nanoloana indrindra ny fisarihan'ity ramatoa ity ny vozon'akanjon'ilay tovolahy.Ity farany izay tsy nahita ho tenenina mihitsy fa sendra ny nahay azy ka nanaraka hatrany izay nitondran'ilay vehivavy azy.Taksy moto iray no naka azy roa niala teo ka nanao taingitelo nandeha naka vola hanefana ny hofam-batan'ilay vehivavy.Nahavariana fa zavatra tsy dia faita firy loatra ny tranga tahaka io raha tao amin'ny tsenan' Ambatondrazaka tao ary ambonin'izay olona manana ny maha izy azy na ilay ramatoakely ina ilay tovolay kanefa dia nifanala-baraka teny imasom-bahoaka.Efa mafy tokoa ny fiainana ka ny zavatra nasitrika tany anaty tanon-dopy avy no navoaka ivelany imasom-bahoaka hoy ireo nahita rehetra.

***Raoul***

CFP Sarobidy

## 20 taona nanabeazana ireo ankizy niala an-daharana tamin'ny fianarana

Ny fampiofanana ireo ankizy mba afaka miatrika asa avy hatrany sy mba hanana ny asa tenany manokana no tanjon'ny CFP Sarobidy etsy amin'ny Parc de l'EST Antsirabe. Ny taona 1998 no nanomboka ny andraikiny ny Fikambanana Sarobidy ary efa an'arivony maro ireo ankizy nobeaziny teto ary efa maro ireo manana ny asa sahaza azy avy. Mitombo hatrany ny adidy aman'andraikitra iantsorohan'ny fikambanana araka ny nambaran'ny talen'ny CFP Sarobidy Ramatoa Razanapera Lalaina ary lanja miakatra hatrany izay 20 taona izay. Mifanindran-dalana amin'ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny Fikambanana ny famoahana ny andiany Misandratra miisa 38 mianadahy nahavita ny fiofanany ny andron'ny zoma teo. Lanonana tsotra fa manana ny hajany tanteraka no natao teo amin'ny tokontany malalaky ny CFP Sarobidy etsy amin'ny Parc de l'EST. Nanatrika izao lanonana izao ny Prefet an'Antsirabe Ramatoa Andriantomponera Voahangy , ny Lehiben'ny Faritra Vakinankaratra Rakotonarivo William, ny solontenan'ny Mpiara-miombon'antoka avy amin'ny Association Québecoise sy ireo vahiny manan-kaja maro isankarazany. Ny asa taotrano, ny asa birao "secretariat", ny rafitra no niofanan'izy 38 mianadahy ireto. Maro amin'izy ireo no efa any amin'ny sehatry ny asa. Ny Faritra Amoron'i Mania, Itasy , Analamanga ary Vakinankaratra no efa niasan'ny Fikambanana Sarobidy ary ireo ankizy niala an-daharana tany an-tsekoly no mpisitraka ny asany. Amin'ny fanatanterahana dia ireo Ray aman-dreny ihany koa no tohanana. Mbola vonona ny hiatrika ny taona maro manaraka ny fikambanana. Ny ONG Sarobidy dia isan'ireo mpisitraka ny ZIA an'ny Faritra Vakinankratra satria dia mamboly sy miompy amin'ny velarantany 25 ha izy ireo hanamafisana ny ambaindain'ny asa ataony no sady fanohanana ny cantine scolaire an'ny sekoly. Ny Lehiben'ny Faritra dia nanolotra mari-pankasitrahana ho an'ireo mpikambana sy Mpanabe ao anatin'ny fikambanana satria izy ireo dia tena hery velona mampihodina ny fampandrosoana eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra.

***Solohery***

NY VALOSOA VAOVAO *Dokam-barotra*
Tel. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**15/12/18 hatramin'ny 22/12/18**

- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo), tél. 020 22 240 64
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite à partir station shell), tél.020 22 540 32
**MAHASOA** (Andrefan'Ambohijanahary), tél. 020 22 622 50
- **NY AINA** (Andravoahangy ambony), tél. 020 22 229 95
- **AICHA** (Près Cenam 67 Ha), tél. 020 22 620 02

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 853-12-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

DELESTAZY LAVARENY

# 3 andro sisa ny tahirin-tsoliky ny JIRAMA




*Kaompanian-tsolika Jovena, tsy mamatsy intsony ny JIRAMA.*

Tsy manaiky hamatsy solika ny orinasa Jirama intsony ny kaompania mpitsinjara solika Jovena raha tsy voaloa ny trosany. Efa 3 andro sisa anefa ny tahirin-tsolika ao amin'ny Jirama, ka hiteraka fahatapahan-jiro mifanesy izany araka ny nambaran'ny tale lefitra, Henri Randriamanana. Nitady fifampiresahana tamin'ity kaompaniantsolika ity ihany ny Jirama omaly saingy tsy nanaiky intsony izy ireo. Andro vitsivitsy izay dia efa miaina anaty fahatapahan-jiro izay maharitra 4 ora isan'andro ny faritra maro eto an-drenivohitra ary mbola hitohy izany raha tsy voavaha ity olana ity. Mila fandraisan'andraikitra haingan' ny fitondram-panjakana izao olan'ny JIRAMA izao satria mety hiteraka olana ara-tsosialy sy ara-toekarena mafy, amin'izao ankatoky ny fety izao.

**Aly**

Kaominina Tritriva Antsirabe II

# Nahazo fotodrafitrasa amin'ny rano fisotro madio

Fotodrafitrasa ho amin' ny rano fisotro madio, fidiovana sy fanadiovana maro lafy no azon'ny kaominina Tritriva avy amin'ny orinasa Holcim Madagascar. famatsiana ny fanamboarana lavapiringa (latrines), paompin-drano (pompe à motricité humaine) ary fitaovana fanasana tanana (dispositif de lavage de mains), ho an'ny EPP lavonarivo, ka mpianatra 450 no hisitraka izany, toy izany koa ny tao Mia-rinantsara mpianatra miisa 110 no mpahazo tombontsoa. Tanjona amin'izao fametrahana fotodrafitrasa ho an'ny fidiovana sy fanadiovana izao ny ahafahan'ny mpianatra misitraka ny rano fisotro madio mba hahazoan'izy ireo fahasalamana. Ankoatr'izao fotodrafitrasa izao dia nananganana rafitra komity Wash eny an-tsekoly, nofanina ihany koa ireo mpanabe amin'ny fampiasana ireto fotodrafitrasa ireto. Mpiaramiombon'antoka tamin' izao asa rehetra izao ny orinasa Holcim sy ny ONG Codegaz. Tsy diso anjara tamin'izao ihany koa ny kaominina Andranomanelatra.

**Lezama**

ONG C for C

# Nahazo tombony manokana ireo vehivavy te hiasa tena


Vehivavy miisa 33 avy eto amin'ny tanànan'Antsirabe no nahazo fiofanana avy amin'ny ONG C for C na ny "Capacity- building for Communities", tao anatin'ny volana maromaro. Rafitra iray isan'ny manampy betsaka ireo vehivahy te-hiasa tena, ka maniry hanangana orinasa ho azy manokana . Ny tapany hariva ny alakamisy teo ary dia nisy fihaonan'ireo vehivavy nahazo ny fiofanana izay nanasana ireo manampahefana ambony avy eto Antsirabe, isan'izany ny avy eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra dia ny Tale miadidy ny Fampandrosoana eto anivon'ny Faritra Andriamatoa Rakotoarivelo Rivo Herindray. Ity fihaonana ity dia nampitondraina lohahevitra hoe" Projet entouré" izay natao indrindra hanampiana ireo vehivavy hisehatra ao anatin'ny fizahantany. Teto dia nizara ho "groupe" maromaro ireo nasaina ka samy nanantona azy ireo avy ireo vehivavy hampahafantatra ny tetikasa izay hataony. Raha ho an'i Dalih sy Félicia manokana izao dia hanangana ny "miniresto" izay mifototra amin'ny sakafo Malagasy fotsiny no hataony ary tsy hampiasa "produit chimique" mihitsy, ny tranon'izy ireo koa dia ha6 tsangana amin'ny tavoahangy "plastique" mba hiarovany ny tontolo iainana no tena tanjon'izy miravavy ireto. Hita tokoa fa vonona tanteraka izy ireo amin'ny fanatanterahana ny tetikasa izay kasainy hatao. Nandritra ny fampahafantarana ireo tetikasa dia samy nanentana ny mba hanampiana azy ireo amin'ny fananganana ny tetikasany amin'ny lafiny rehetra indrindra eo amin'ny sehatry ny vola izay tena mbola sarotra ny fitadiavana azy.

**Solohery**

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 263**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0262)

**Mitsivalana**
- Rivotra
- Savony
- Arivo (Miv) – la (Miv)
- Rà – Orana
- In – Tar(a)
- Nanahary
- Avy – Ao

**Mitsangana**
- Sorena
- Rava – Av
- Ivy – Iny
- Vorona
- Rano (Miv) – Ha
- Ti – Atao
- Rana (Miv)
- Hiraina (Miv)

## TENY MIFANARAKA N° 263



**Mitsivalana**

**1.** Manao ahoana **2.** Miantso – Mikoriana ao anaty (Miv) **3.** Niakatra, nandeha ambony **4.** Ohatra **5.** Hamonjy fianarana **6.** Tsofoka – Aia ? **7.** Ilaina – Menaka **8.** Asa amampanao **9.** Toetra ratsy – Marina (Miv) **10.** Olo-malaza fahiny

**Mitsangana**

**A.** Tsy manaiky **B.** Ambany – Hery sy tanjany (Miv) **D.** Sondrotra ambony – Toeram-pambolena (Miv) **E.** Dada – Tsy salama **F.** Leha – Ranom-bava (Miv) **G.** Fototenin'ny fahaizana – Solfa – Vizana **H.** Fanampin'Anarana – Tsirinteny **I.** Banky malaza – Kaontinanta **J.** Eny (Miv) – Ala tapaka – Renirano (BR) **K.** Eo @ vatana – Matoanteny (Miv)

## Valiny Teny mifanaraka 0262

**Mitsivalana**

**1** Toombaovao **2.** Anio - Iry **3.** Nalaina - Il **4.** To - Amboa **5.** Maimbo **6.** Roa - Taona **7.** Ady - Sigara (Miv) **8.** Namorona **9.** Ants(o) - Ma - Av **10.** Niav(a) - Dia

**Mitsangana**

**A.** Tanteraka **B.** Anao - Da (Miv) - NN **D.** Lio (Miv) - Mainty **E.** Moana - Osa (Miv) **F.** Maty (Miv) **G.** Moramanga (Miv) **H.** Amboara **I.** Vy - Bango **J.** Ania - Ainay **K.** Valio (Miv) - Sava

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana nitafa tamin'ireo mpanao gazety afrikana teny Faravohitra.









Nizara fanomezana ho an'ireo mpiasa ny Boriborintany faha-5







